

Fomba Fampiasana Amin'ny Tokony ho izy na Tsia Ny Fanafody Moderina

6

Ny fanafody sasany izay amidy eny amin'ny farmasia na fivarotana eo an-tanàna dia mety mahasoa. Saingy maro amin'ireo no tsy ilaina. Amin'ireo fanafody miisa 60,000 amidy eran'ny firenena maro, ny Fikambanana Iraisam-pirenena Momba ny Fahasalamana dia milaza fa eo amin'ny 200 isa eo ihany no tena ilaina.

Ny olona ihany koa matetika dia mampiasa ny fanafody tsara indrindra amin'ny tsy tokony ho izy ka lasa mampidi-doza noho ny mahasoa izany hany ka lasa mampidi-doza izy ireo fa tsy mahasoa. **Mba hahasoa dia tokony ampiasaina amin'ny tokony ho izy ny fanafody.**

Maro ireo olona, ao anatin'izany ny dokotera sy ny mpiasan'ny fahasalamana, no manome fanafody betsaka nohon'ny ilaina—ny fanaovany izany dia miteraka aretina hafa tsy ilaina akory na fahafatesana.

Mampidi-doza indraindray ny ny fampiasana fanafody.

Misy fanafody sasany izay mampidi-doza noho ireo fanafody hafa. Indrisy anefa fa indraindray ny olona dia mampiasa fanafody mampidi-doza ho an'ny aretina malefaka. (Nahita zaza maty aho nohon'ny fanomezan'ny ray aman-dreniny azy fanafody mampidi-doza, *chloramphenicol*, ho an'ny sery). **Aza mampiasa fanafody mampidi-doza mihtsy ho an'ny aretina malefaka.**



TADIDIO FA: *NY FANAFODY DIA MAHAFATY*

Torohevitra ho an'ny fampiasana fanafody:

1. Aza mampiasa fanafody raha tsy tena ilaina.
2. Fantaro ny fomba fampiasana amin'ny tokony ho izy sy ny fepetra ho an'ny fanafody izay ampiasainareo (jereo ny PEJY MAITSO).
3. Hamarino tsara fa mihinana ny fatrany tokony ho izy ianareo.
4. Raha tsy mandaitra na miteraka olana ilay fanafody dia ajanony ny fampiasana azy.
5. Raha toa ka misy fisalsalana dia anontantio ny hevity ny miasan'ny fahasalamana.

Fanamarihana: Misy amin'ireo mpiasan'ny fahasalamana sy dokotera maro no manome fanafody nefy tsy ilaina akory izany, manao izany izy ireo satria heveriny fa miandry fanafody ireo marary ary tsy ho afa-po raha tsy mahazo. Lazao ny dokotera sy ny mpiasan'ny fahasalamana fa tsy mila fanafody ianareo raha tsy tena faran'izay ilaina izany. Tsy handany ny volanao izany ary tsy hanimba ny fahasalamanao ihany koa.

Aza mampiasa fanafody raha fantatrao fa tsy tena ilaina izany na tsy fantatrao tsara ny fomba fampiasana azy.


NY FAMPIASANA FANAFODY TSY AMIN'NY TOKONY HO IZY MAMPIDI-DOZA INDRINDRA

Ity misy lisitr'ireo fahadisoana mahazatra sy mampidi-doza ataon'ny olona min'ny fampiasana fanafody moderina. Ny fampiasana ireto fanafody manaraka ireto dia mitarika fahafatesan'olona maro isan-taona. MITANDREMA TSARA!



1. Chloramphenicol (*Chloromycetin*) (p. 356)

Ny fampiasan'ny olona maro io fanafody io ho an'ny aretim-pivalanana tsotra sy aretina malefaka hafa dia mahonena tokoa satria tena mampidi-doza be izany. Aza mampiasa chloramphenicol raha tsy ho an'ny aretina mafy toy ny tefoedra (jereo p. 188). Aza omena zaza mena vava na zaza latsaky ny 1 volana.



2. Oxytocin (*Pitocin*), Ergonovine (*Ergotrate*), ary Misoprostol (*Cytotec*) (p. 390-391)

Indrisy fa misy amin'ireo mpampivelona no mampiasa ireo fanafody ireo mba hanafainganana ny fahaterahan'ny zaza na 'hanomezana hery' ny reny eo am-piterahana. Mampidi-doza be izany fomba fanao izany. Mahafaty ny reny na ilay zaza izany. Ampiasao ireo fanafody ireo mba hifehezana ny fandehanan-drà **ihany aorian'ny** fahaterahan'ny zaza (jereo p. 266).

3. Ny fitsindromana amin'ny fanafody

Ny finoan'ny maro fa ny tsindrona dia tsara kokoa noho ny fanafody hanina dia **tsy marina**. Ny fanafody hanina dia mitovy fandairana na mandaitra kokoa noho ny tsindrona. **Ny ankabeazan'ny fanafody atsindrona** ihany koa **dia mampidi-doza kokoa noho ireo ny arapaka**.



Ny tsindrona izay atao amin'ny zaza voan'ny lefakozatra malefaka (izay maneho famantarana sery fotosiny ihany) dia mety hiteraka fahalemena (jereo p. 74). Ny fampiasana ny tsindrona dia tokon ho **tenavoafetra** (vakio tsara ny Toko 9).

4. Penicillin (p. 350)

Ny Penicillin dia tsy manasitrana afa-tsy karazana *aretina* sasany ihany. Ny fampiasana penicillin ho an'ny folaka, mangana, na fanaaintanana na fanaviana dia tena fahadisoana lehibe. Amin'ny fitsipika ankabopeny, ny ratra izay tsy manataka ny hoditra na dia mahatonga mangana be aza dia tsy mitarika aretina; tsy mila tsaboina amin'ny penicillin na antibiotika hafa izany. Na ny penicillin na antibiotika hafa dia tsy manasitrana sery (jereo p. 163).

Ny Penicillin dia mitera-doza ho an'ny olona sasany. Alohan'ny hampiasana izany dia fantaro ny loza haterany sy ny fepetra tsy maintsy raisinao—jereo ny pejy 70 sy 351.

5. Gentamicin (*Garamycin*) sy Kanamycin (p. 358)

Ny fampiasana be loatra ireo antibiotika ireo amin'ny zaza dia hiteraka tsy fahenoana tanteraka (marenina) amin'ny zaza antapitrisany. Aza manome izany ny zaza raha tsy voan'ny aretina mahafaty izy. Ho an'ny aretina maro mahazo ny zaza mena vava, ny ampicillin dia mandaitra ihany koa ary tsy dia mampidi-doza.

6. Ny fanafody miady amin'ny aretim-pivalanana misy hydroxyquinolines (Clioquinol, di-iodohydroxyquinoline, halquinol, broxyquinoline: *Diodoquin, Enteroquinol, Amicline, Quogyl*, ary marika maro hafa) (p. 369)

Tany aloha tany, ny **clioquinols** dia be mpampiasa tokoa hitsaboana ny aretim-pivalanana. Ireo fanafody mampidi-doza ireo amin'izao dia voarara amin'ny firenena maro—saingy mbola amidy any amin'ny hafa. Mety hitarika fahalemena mandrakizay, fahajambana, ary fahafatesana izany. Ho an'ny fitsaboana ny aretim-pivalanana dia jereo ny toko 13.

7. Cortisone sy cortico-steroids (Prednisolone, dexamethasone, sy ny maro hafa)
 Ireo fanafody dia ody fanaintainana izay ilaina amin'ny fihetsehan'ny asma, aretin'ny vanin-taolana na tsy fahazakana zavatra mahery vaika. Saingy amin'ny firenena maro, ny **steroids** omena ho an'ny marary na manaintaina kely satria matetika izy ireo dia misy vokany afaka fotoana vitsy. Fahadisoana lehibe tokoa izany. Ny **steroids** dia miteraka vokatra mampidi-doza—indrindra raha ampiasaina amin'ny fatrany ambony na mandritra ny andro maro. Mampidina ny hery fiarovan'ny olona amin'ny aretina izany. Manamafy ny raboka izy ireny, mampande rà ny fery ao anaty vavony ary mampalemy taolana ka mahatapaka azy mora foana.


8. Anabolic steroids (Nandrolone decanoate, Durabolin, Deca-Durabolin, Orabolin; stanozolol, Cetabon; oxymetholone, Anapolon; ethylestrenol, Organaboral. Misy marika hafa maro izy ireny)

Ny anabolic steroids dia vita avy amin'ny hormonina avy amin'ny lehilahy ary ampiasaina amin'ny tsy tokony ho izy amin'ny fanafody fanatanjahana ho an'ny ankizy kely mba hampangeza sy hampitombo azy. Amin'ny voaloahany dia mety hitombo aingana be ilay zaza saingy hijanona aingana ny fitomboany ary hijanona ho fohy noho ny tokony ho izy raha tsy mihinana ilay fanafody. Ny Anabolic steroids dia misy vokadratsiny tena mampidi-doza. Ny ankizy vavy dia hisy volo toy ny lehilahy eo amin'ny taheriny, izay tsy mety miala na dia mijanona tsy mihinana ilay steroid intsony aza ilay zaza. **Aza omena fanafody mampitombo ny zaza.** Mba hanampianao ny zanakao amin'ny fitomboany dia ampiasao hividianana sakao ilay vola.

9. Fanafody ho an'ny aretin'ny vanin-taolana (Butazones: oxyphenbutazone, Amidozone; ary phenylbutazone, Butazolidin)

Ireo fanafody ho an'ny aretin'ny tonon-taolana ireo (aretin'ny vanin-taolana) dia mety hiteraka aretin'ny rà mampidi-doza na mahafaty aza indraindray, (agranulocytosis). Hanimba ny vavony, aty, ary ny voa koa izy ireny. **Aza mampiasa ireny fanafody mampidi-doza ireny.** Ho an'ny aretin'ny vanin-taolana dia ny aspirin (p. 378) na ibuprofen (p. 379) dia azo antoka kokoa ary mora vidy kokoa. Ho an'ny fanaintainana na fanaviana ihany dia ampiasao ny acetaminophen (p. 379).

10. Vitamina B₁₂, fanafody azo avy amin'ny atim-biby, ary tsindrona vy (p. 392)



Vitamina B₁₂ sy ny fanafody azo avy amin'ny atim-biby dia tsy manasitrana ny tsy fahampian-drà na 'faharerahana' afa-tsy amin'ny tranga tsy fahita firy. Mampidi-doza ihany koa ny fitsindromana azy indraindray. Tsy tokony ampiasaina izy ireny raha tsy ny manam-pahaizana manokana no manome azy **rehefa avy nampanao fililian-drà.** Fadio ihany koa ny tsindrona vy toy ny *Inferon*. Mba hiadvana amin'ny tsy fahampian-drà, ny pilina misy vy dia azo antoka kokoa ary mandraitra ihany koa (jereo p. 124).


11. Ireo vitamina hafa (p. 391)

Amin'ny fitsipika ankapobeny, AZA MITSINDRONA VITAMINA. Ny tsindrona dia mampidi-doza, lafo ary tsy mandaitra kokoa noho ny pilina.

Ny mampalahelo nefá dia maro be ireo olona mandany vola amin'ny sirô, fanafody mampatanjaka ary 'rano mahery' misy vitamina. Maro amin'ireo no tsy ampy ireo vitamina tena ilaina (jereo p. 118). Saingy na dia misy izany aza ireo dia tsara kokoa ny mividy sakafo betsaka sy tsara. Ny fitaizan-kozatra sy ny sakafo misy hery fiarovana toy ny tsaramaso, atody, hena, voankazo, legioma, ary ireo voa-maina rehetra manakarena vitamina sy otrikaina hafa (jereo p. 111). Ny fanomezana sakafo tsara matetika ny olona mahia sy marofy dia hanampy azy betsaka tokoa noho ny fanomezana azy vitamina na fanampin-tsakafo mineraly.

Ny olona misakafo tsara dia tsy mila vitamina fanampiny

NY FOMBA TSARA INDRINDRA AHAZOANA VITAMINA:



Raha mila fampahafantarina bebe kokoa mikasika ny vitamina, rehefa ilaina izy ireo, sy ireo sakafo izay ahitana azy dia vakio ny Toko 11, indrindra fa ny pejy 111 sy 118.

12. Fanafody akambana

Indraindray dia atambatra ao anaty pilina na fanafody mampatanjaka iray ny fanafody 2 na maromaro. Matetika dia tsy mandaitra tsara izany sady lafo kokoa rehefa omanina amin'io fomba io. Indraindray dia **mampidi-doza kokoa noho ny mahasoa** izy ireo. Raha te hanome fanafody akambana ny olona iray dia angataho izy tsy hanome izany raha tsy tena faran'izay ilaina. Aza mandany vola amin'ny fanafody tsy ilaina.

Ny fanafody sasany ho an'ny VIH dia miendrika pilina nakambana (jereo p. 397). Manampy azy ireo ho mora hanina izany.

Ny sasany amin'ireo fanafody nakambana izay tokony **fadiana** dia:

- **fanafody kohaka** izay misy fanafody sady manafaka ny kohaka no manala ny rehoka. (ny fanafody kohaka matetika dia tsy ilaina ary fandaniam-bola, na fanafody nakambana izany na tsia).
- **Antibiotika nampiarahana amin'ny fanafody ho an'ny aretim-pivalanana**
- **antacids** mba itsaboana ny fery ao anaty vavony miaraka amin'ny fanafody hisorohana ny fikainkon'ny vavony
- **fanafody manala fanaintainana** 2 na maromaro (aspirin miaraka amin'ny acetaminophen—indraindray miaraka amin'ny kafeinina)

13. Sokay na kalsiôma



ny fanindromana kalsiôma any amin'ny lalan-drà dia tena mampidi-doza tokoa. Mety ahafaty haingana izany raha tsy atsindrona **miadana tsara**. Ny fanindromana kalsiôma amin'ny vody dia miteraka baivonto na otrikaretina mampidi-doza.

Aza mitsindrona sokay raha tsy nanontany hevitra ara-medikaly!

Fanamarihana: Any Meksika sy firenena hafa ka mazoto mihinana itony atao hoe corn tortillas itony ny olona na sakafo hafa namboarina miaraka amin'ny sokay ("cal", tsy ilay voankazo), fahadalàna ny mbola mitsindrona sokay na mihinana fanafody mampatanjaka (satria matetika izany dia natao mba 'hanome hery' na 'hanampy ny ankizy hitombo'). Ny vatana dia efa mahazo ny sokay rehetra ilainy.

14. 'Fanomezana sakafo' amin'ny alalan'ny lalan-drà ("serôma" intraveineuse, i.v.)


Amin'ny faritra sasany, ireo olona tsy ampy rà na marofy dia mandany ny volancy rehetra mba ahazoana iray litatra amin'ny "serôma" alefa any anatin'ny lalan-dràn'izy ireo. Mino izy ireo fa hampatanjaka azy ireo izany na hampavesatra kokoa ny ràn'izy ireo. Saingy diso izy ireo! Ny serôma dia tsy inona akory fa rano madio misy sira na siramamy ao anatiny. Tsy manome hery betsaka noho ny vatomamy lehibe izany ary mahatonga ny rà ho matsora kokoa fa tsy mampavesatra kokoa. Tsy manasitrana ny tsy fahampian-drà ary tsy mampatanjaka ny olona marofy izany.

Raha olona tsy voahofana tsara ihany koa no manindrona ilay I.V. any anaty lalan-drà, dia mety hisy aretina tafiditra any anaty rà. Mety ahafaty ilay marary izany.

Ny serôma intraveineuse dia tsy tokony ampiasaina raha afaka mihinana sakafo amin'ny vava ilay olona, na koa ampiasaina raha tsy ampy rano be ilay olona (jereo p. 151).

Raha to ka afaka mitelina ilay olona dia omeo rano misy siramamy (na koba) sy sira iray litatra izy (jereo ny Zava-pisotro Famerenan-drano, p. 152). Hanampy azy betsaka tokoa izany noho ny manindrona azy serôma I.V. iray litatra. Ho an'ireo olona afaka misakafo dia mampatanjaka azy bebe kokoa ny sakafo be otrikaina noho ny karazana serôma I.V.

Raha afaha mitelina ary mitazona rano ilay marary ...



REHEFA INONA NO TSY TOKONY MIHINANA FANAFODY?

Maro ireo olona no mino fa misy zavatra tsy tokony ataony na hoaniny rehefa mihinana fanafody izy ireo. Noho izany antony izany dia mety hanajanony ny fihinanany fanafody izay ilainy. Raha ny marina dia, tsy misy fanafody mety hampidi-doza raha hoanina miaraka amin'ny karazan-tsakafo sasany—toy ny hena kisoa, na sakay, goavy, voasary, na sakaf hafa. Saingy ny sakaf be menaka na be zava-manitra no mety hitarika olana eo amin'ny vavony na tsinay—na mihinana fanafody na tsia (jereo p. 128). Ny fanafody sasany dia mety hisy fihetsehany ratsy raha misotro toaka ilay olona (jereo ny metronidazole, p. 368).


Misy ireo toe-javatra izay, tsy ampisalasalana tokoa ny ilazàna, fa aleo **tsy dia mampiasa** fanafody loatra:



1. Ireo vehivavy mitondra vohoka na mampinono dia tokony mifady fanafody afats'izay tsy tena ilaina. (na izany aza dia afaka mihinana vitamina na pilina "fera" ihany izy ireo. Ireo vehivavy mitondra vohoka na mampinono izay misy VIH ihany koa dia mila mihinana fanafody mba tsy hamindra ny VIH amin'ny zazakely, jereo p. 398.)



2. Tandremo tsara ny fampiasana fanafody amin'ny zaza menavava. Raha azo atao dia mitadiava fanampiana ara-medikaly alohan'ny hanomezana azy ireo karazam-panafody. Tandremo ny fatra omenareo azy.



3. Ny olona izay tsy mahazaka— tandomerina, mangidihidy, sns.— rehefa avy nihinana penicilline, ampicilline, sulfonamide, na fanafody hafa, **dia tsy mahazo mamerina mihinana izany intsony mandrapahafatiny** satria mampidi-doza be izany (jereo Ny tsy fahazakana tsindrona amin'ny fanafody mampidi-doza, p. 70).

4. Ny olona misy fery ao anaty vavony na mamaivay vavony dia tokony mifady fanafody misy aspirina. Ny ankabezan'ireo fanafody manila fanaintainana, sy ny steroid rehetra (jereo p. 51) dia mampihombo ny fery ao anaty vavony sy ny tsy fahalevonakanina. Ny ody fanaintainana izay tsy misy fiantraikany eo amin'ny vavony dia ny acetaminophen (paracetamol, jereo p. 379).

5. Misy ireo fanafody izay manimba na mampidi-doza rehefa hoaninao raha toa ka misy aretina manokana ianao. Ohatra: ireo olona voan'ny hepatita dia tsy tokony sitranina amin'ny antibiotika sasany na fanafody mahery satria manimba ny atiny, ary lasa poizina ho an' ny vatana indray ilay fanafody (jereo p. 172).

6. Ireo olona tsy ampy rano na manana aretin'ny voa dia tokony mitandrina be amin'ny fanafody izay hoanin'izy ireo. Aza omena fanafody mihoatra ny iray aloha ilay marary amin'izay neverina fa mety hanapoizina ny vatany **mandra-pahita hoe mivalan-drano ara-dalàna** (na mandrapivalan-drano azy). Ohatra: raha misy hafanana ambony be ny zaza iray ary tsy ampy rano (jereo p. 76), aza omena mihoatra ny fetra iray amin'ny acetaminophen na aspirina izy mandrapivalan-drano azy. **Aza omena sulfa mihitsy ny olona tsy ampy rano.**